“Fady tsy azo atao ny mandatsaka ny Ra na ny Ainan'ny Mpino Islamo na dia iray aza. raha tsy noho ny iray amin' ireto antony telo ireto

Tatitra azo avy tamin' Ibn Mas’ond (R.A) Niteny ka nanao hoe : Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Fady tsy azo atao ny mandatsaka ny Ra na ny Ainan'ny Mpino Islamo na dia iray aza. raha tsy noho ny iray amin' ireto antony telo ireto : Olona efa nanambady ka nijangajanga, na aina solon'ny aina (sazy ampiharina amin'izay nandatsaka ain'olona), na koa Olona namela ny finoany ka niala amin'ny fiombonam-ben'ny vahoaka silamo.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nanazava i Mpaminany (S.W.A) fa masina ara-lalana tokoa ny Lio na ny Ran'ny Olona mpino silamo iray, raha tsy hita manao ny iray amin'ireto zavatra telo ireto Izy : Voalohany : Izay latsaka tao anatin'ny fanaovana ny fijangajangana, nefany Izy efa nanambady araka ny fomba ara-dalàna, dia lasa azo atao ny mamono Azy amin'ny alàlan'ny fitoraham-bato. Faha-roa : Izay namono Olona tsy manan-tsiny ka nataony an-tsitrapo ny famonoana an'ilay Olona ,tsy ara-dalàna dia tsy maintsy lasa hovonoina araka ny fepetra ny lalana misy Izy. Faha-telo : Ireo izay niala amin'ny vondrom-piarahamonin’ny mpino silamo, na amin'ny alalan'ny fandaozana ny fivavahana misy amin'ny finoana Islamo amin'ny endrika manontolo na koa amin'ny alàlan'ny fivadiham-pinoana, na amin'ny fisarahana tsy misy fivadiham-pinoana amin'ny fandaozana an'ireo zavatra sasatsasany amin'izany, toy ny mpikomy, ny mpangalatra sy mpandrava ary mpanedaka eny an-dalana, ary ny mpiady avy amin'ny Khawaridjy sy ny hafa ihany koa.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4714